



FIADIDIAN' NY REPOBLIKA

LALANA LAHARANA FAHA 2018-027 MIKASIKA NY FIANKOHONANA

Ny antenimieram-pirenena sy ny antenimieran-doholona dia nandany tamin'ny fotoam-pivoriana atrehin'ny rehetra nataony avy ny 24 Oktobra 2018 sy ny 27 Novambra 2018,

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA

- Araka ny Lalàm-panorenana ;
- Araka ny fanapahana laharana faha-01 HCC/D3 tamin'ny 23 janoary 2019 natao'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana ;

DIA MAMOAKA NY LALÀNA IZAY TOY IZAO NY ANDININDININY :

TOKO VOALOHANY FEPETRA ANKAPOBE

Andininy voalohany – Ity lalàna ity dia natao hametraka ireo fitsipika mifandraika amin'ny fiankohonan'ny olom-pirenena, amin'ny sora-piankohonana ary koa ny fomba arahina andraiketana ny trangam-piankohonana sy ny fitantanana izany ara-haikajy.

Izy no miantoka ho an'ny olona rehetra ny fisitrahana ny zo hamantarana ny maha izy azy eo anatrehan'ny lalàna amin'ny toerana rehetra alehany.

Izy dia mifanaraka amin'ny fitsipika fanatoloana ny fiankohonana izay mitaky ny fanoratana ny olona rehetra amin'ny fiankohonana.

And.2 – Ny fiankohonana dia fitambarana singa hamantarana olona iray sy ny toerana misy azy eo anivon'ny fianakaviana sy fiaraha-monina, izay mamaritra ny fahafahany manao sy ny fahazoany manatontosa soratra araky ny lalàna.

Ny sora-piankohonana dia soratra iray izay aneken'ny manam-pahefana ara-panjakana amin'ny fomba toavina ho misy ny trangam-javatra iray izay iankinan'ny mombamomba ny olona iray.

Ny trangam-piankohonana dia ireo zava-miseho mandritra ny fiainan'ny olona iray izay mety hanova ny fiankohonany toy ny: fahaterahana, fahafatesana, fanambadiana, fisaraham-panambadiana, fananganana, fianahana, fanariana sy fanjanahana.

Ny bokim-piankohonana dia boky izay hanoratana sy handikàna isam-banim-potoana sy isan-taona ny fanambarana ny sora-piankohonana voaray, ary ametrahana ireo filazana an-tsisiny araky ny fotoana voatondro hanoratana azy ao anatin'ny sora-piankohonana: manomboka amin'ny fanambaràna ho fandrafetana azy ka hatramin'ny fitehirizana azy.

And. 3 – Arak'ity lalàna ity, ireto trangam-piankohonana ireto dia faritana toy izao:

- a) Ny *fahaterahana zaza velona* dia ny famoahana na fanesorana amin'ny vatan'ny reny, tsy miankina amin'ny faharetan'ny fitondrana vohoka, ny zaza izay, aorian'izany fisarahana izany, dia miaina na maneho miharihary endrika mari-pahavelomana hafa. Ny fahaterahana dia manamarika ny fotoana izay anombohan'ny maha-izy azy ny zaza araky ny lalàna;
- b) Ny *fahafatesana* dia fitsaharana tanteraky ny mari-pahavelomana amin'ny fotoana tsy voafaritry aorian'ny fahaterahana zaza velona;
- d) Ny *fanambadiana* dia soratra ara-panjakana, atao ampahibemaso sy manetriketrika, ka hifamatoran'ny ny lehilahy iray sy vehivavy iray izay samy tsy voafatotry ny fanambadiana teo aloha ka hanorenany firaisana araka ny lalàna sy maharitra.
- e) Ny *fisaraham-panambadiana* dia fomba arahina natao ahazoana ny fandravana araka ny lalàna ny fanambadiana.
- f) Ny *fananganana tsotra* dia soratra manan-kery eo anatrehan'ny lalàna, hamoronana fifandraisana ara-pianakaviana eo amin'olon-droa tsy misy rohim-pihavanana, na hanamafisana fifandraisana eo amin'olon-droa izay efa mpihavana na efa misy rohim-pihavanana.
- g) Ny *fananganana feno* dia fomba iray nofaritan'ny lalàna ahafahana mametraka ny fianahana ara-dalàna eo amin'ny mpanangana sy ny atsangana, izay manome an'ity farany ny toetra maha zanaka ara-dalàna. Izany dia ambara amin'ny alalan'ny didim-pitsarana.
- h) Ny *fanariana* dia sazy ampiharina amin'ny zaza iray efa ampy taona izay ataon'ny rainy, na ny reniny, na ny raiamandrenibe nipoirany na koa ny mpanangana izay mitarika ny faharavan'ny rohim-pianahana nampifandray ny mpanary sy ny nariana.
- i) Ny *fanjanahana* dia ny fiaikena araka ny lalàna, an-tsitrabo ny maha ray ara-batana ny zaza iray teraka ivelan'ny fanambadiana.

And.4 – Ny fiankohonana'ny olom-pirenena dia atao ary porofoina amin'ny alalan'ny sora-piankohonana, araka ny fepetra voalazan'ity lalàna ity, ary noho ny antony manokana, amin'ny alalan'ny didim-pitsarana misolo sora-piankohonana na fanitsiana izay adika ao amin'ny bokim-piankohonana.

And.5 – Ny sora-piankohonana dia arafitry ny mpiandraikitry ny sora-piankohonana araka ny fanambaràna ataon'ireo voakasika na ireo olona voalazan'ity lalàna ity ho afaka manao izany.

And. 6 – Ny manam-pahefana ara-panjakana mahefa dia manao ny fanamarinana sy ny fanarahamaso ny fomba fiasan'ny foibe misahana ny fiankohonana ao amin'ny fari-piadian'izy ireo.

TOKO II NY AMIN'NY BOKIM-PIANKOHONANA

And.7 – Ny bokim-piankohonana dia tanana sy tehirizina eny anivon'ny foibe misahana ny fiankohonana voakasik'izany.

Apetraka eto amin'ny faritr'i Madagasikara:

- ny ivo toeram-pirenena misahana ny fiankohonana izay eo ambany fiahian'ny Minisitery misahana ny Atitany, ka ny fandaminana sy ny fampandehanana azy dia feheziny didim-pifehezana ;
- ireo foibe misahana ny fiankohonana izay apetraka isaky ny biraon'ny Kaominina sy isaky ny fisolontena ara-masoivoho konsioly na ara-kaosilin'i Madagasikara any ivelany.

Azo atao ny manangana birao ifotony misahana ny fiankohonana eny anivon'ireo Fokontany voalaza ao amin'ny andininy faha-30, izay natao handraisana fanambaram-piterahana irery ihany.

Ireo foibe misahana ny fiankohonana dia napetraka mba hampizotra antsakany sy andavany ny fitantanana ny rafim-piankohonana.

And.8 – Boky firaketana roa mitovy no tanana eny anivon'ny foibe misahana ny fiankohonana:

- ho an'ny fahaterahana sy ny fanjanahana;
- ho an'ny fahafatesana ;
- ho an'ny fanambadiana ;
- ho an'ny fananganana tsotra sy ny fanariana
- ho an'ny fandikàna ireo didy raikitra navoakan'ny fitsarana.

Na izany aza anefa dia azon'ny Filohan'ny Fitsarana atao ny manome alalana, amin'ny alalan'ny didim-pitsarana, ny foibe misahana ny fiankohonana sasantsasany hitazona boky firaketana roa mitovy izay iombonan'ny soratra rehetra.

And.9 – Ny soratra dia raiketina ao amin'ny boky firaketana, atao mitohy ary tsy asiana banga manelanelana azy ireo. Ankatoavina sy ataon'ireo mpanao sonia rehetra rangopohy ny kosoka sy ny fampizahana atao any amin'ny pejy aloha na aoriana. Tsy misy soratra azo atao amin'ny alalan'ny fanafuhezan-teny, ary tsy misy vaninandro azo atao tarehimarika.

Ny fanambarana dia soratana tsy misy faritra banga ao amin'ny votoatin'ny soratra. Noho izany, ny andalana maro samihafa ao anatin'ny soratra dia avondrona amin'ny alalan'ny tsipi-panohizana.

Ny fanomezan-dalana sy ireo taratasy hafa rehetra naseho mba handrafetana ny sora-piankohonana dia tehirizina ao amin'ny foibe misahana ny fiankohonana rehefa vitan'ny olona nanome izany sy ny mpiandraikity ny fiankohonana rangopohy.

And.10 – Ny tahiry fototra ara-haikajy momba ny sora-piankohonana voatanisa etsy ambony dia tazonina ihany koa isaky ny foibe misahana ny fiankohonana izay samy mitana ireo antontan-tsora-piankohonana efa voarakitra ara-haikajy mba hanamora ny fampiasana azy ireo sy ny fanangonana azy eny anivon'ny ivo toeram-pirenena misahana ny fiankohonana.

And.11 – Ny boky firaketana dia misokatra ny 01 janoary ary akatona ny faha 31 desambra isantaona. Atao mifanaraka amin'ny endri-pakan-tahaka voalazan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitryny Fitsarana izany. Atao soratra antsisiny ireo tranga voalazan'ny lalàna miaraka amin'ny filazana ny laharana sy ny vanin'andro nandrafetana ny sora-piankohonana, ny karazany ary ny anaran'ireo voakasika.

Ny boky firaketana tsirairay dia voaisa sy vita rango-pohin'ny lehiben'ny mpiraki-draharaha na mpiraki-draharaha izay nomeny fahefana.

Rehefa tapitra ny taona, dia akatona sy faranana avy hatrany ny boky firaketana aorian'ny soratra farany.

Aorian'ny fanoratana ny famaranana, dia soratan'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana, isaky ny bokim-piankohonana, ny fanoroana manaja ny abidin'ireo soratra izay voarakitra ao aminy, araka ny endri-pakan-tahaka izay apetrakin'ny Minisitryny Fitsarana.

Amin'ireo boky firaketana roa, ny iray dia tehirizina ao amin'ny foibe misahana ny fiankohonana, ny iray kosa alefa any amin'ny firaketan-draharahan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany ao anatin'ny telo (03) volana manomboka amin'ny fanakatonana ny boky firaketana raha tsy izany dia ampiharina aminy ny sazy voalazan'ny andininy faha-143.

And.12 – Ataon' ny Mpiandraikity ny fiankohonana isaky ny dimy taona ny famoahana ny tambatry ny lisitry ny firaketana isan-taona izay antsoina hoe « firaketana isaky ny dimy taona »

ary atao mitovy endrika amin'ireo ny lisitry ny firaketana isan-taona sy ahitana ireo filazana mitovy. Ny firaketana isaky ny dimy taona dia atao dika telo mitovy, ka ny iray ampiarahina amin'ny boky firaketana tehirizina eny anivon'ny foibe misahana ny fiankohonana, ny faharoa kosa apetraka ao amin'ny firaketan-draharahan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany ary ny fahatelo ao amin'ny tahirim-bokin'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

Ny firaketana isaky ny dimy taona dia atao araka ny abidy isan-taona, sy araka ny sokajin-tsoratra ary atao misaraka ny mikasika ny fahaterahana, ny fanambadiana, ny fahafatesana, ny fananganana, ny fanariana, ny fanovana anarana ary ny fanjanahana.

Ny firaketana isaky ny dimy taona dia atao ara-haikajy ihany koa.

And.13 – Ny bokim-piankohonana dia tsy azo ampahafantarina ny be sy ny maro. Na izany aza, ny mpitsara mpampanoa lalàna sy ny filohan'ny Fitsarana dia afaka manao fangatahana hahazo izany.

And.14 – Ny Mpitsara mpampanoa lalàna dia afaka mampiaka-draharaha eo anivon'ny fitsarana mahefa, raha toa izy mahita soratra misy fahadisoana ka tsy maintsy ahitsy mandritra ny fanamarinana isan-taona ataony.

And.15 – Ny tahirin-kevitra momba ny fiankohonana izay vita haikajy dia voafehin'ny fitsipika izay mihatra amin'ireo soratra vita an-taratasy.

TOKO III IREO MPIANTSEHATRA AMIN'NY LAFIN'NY FIANKOHONANA

Sokajy voalohany Ny Mpiandraikitry ny fiankohonana

And. 16 – Ny Ben'ny tanàna sy ireo lefiny dia mpiandraikitry ny fiankohonana.

And.17 – Ny Mpiandraikitry ny fiankohonana no hany tokana afaka mandray sy mitahiry ny sora-piankohonana ary manamarina azy.

And.18 – Ny Mpiandraikitry ny fiankohonana dia misahana:

- ny fandraisana ny fanambaram-pahaterahana sy ny firaketana izany an-tsoratra;
- ny fandraisana ny fanambarana voaray ary natolotry Lehiben'ny Fokontany sy ny firaketana izany an-tsoratra;
- ny fandraisana miaraka amin'ny mpirakiteny mpanato soratra sy ny mpiraki-tenim-panjakana ny fanjanahan-jaza teraka ivelan'ny fanambadiana ary ny firaketana izany an-tsoratra;
- ny fanatanterahana ny fankalazana ny fanambadiana araka ny lalàna ary ny firaketana izany an-tsoratra;
- ny fandraisana ny fanambaram-pahafatesana ary ny firaketana izany an-tsoratra;
- ny fandraisana ny fanambaram-pananganana tsotra sy ny firaketana izany an-tsoratra;
- ny fandraisana ny fanambaram-panariana sy ny firaketana izany an-tsoratra;
- ny fitanana ny bokim-piankohonana, izay natao hanoratana ny soratra rehetra noraisiny;
- ny fandikana ireo soratra sasantsasany avy amin'ireo mpiraki-teny hafa, fandikana ireo didim-pitsarana samihafa, toy ny didim-pitsarana mikasika fisaraham-panambadiana, didy mikasika fananganana feno ary ireo izay mandidy ny fanitsiana sora-piankohonana iray na fampidirana ny soratra adino;
- ny fametahana ireo filazana izay tsy maintsy atao eny an-tsisin'ny sora-piankohonana efa voasoratra na voadika araky ny lalàna;
- ny fitandroana ny fitahirizana sy ny fiarovana ny boky firaketana ampiasaina sy ireo mikasika ireo taona teo aloha napetraka ao amin'ny fitahirizana tahirin-kevitrin'ny foibe misahana ny fiankohonana ary manome ho an'ireo izay manana zo hangataka izany, ny

- dika mitovy na ny tahadikana'ireo soratra hita ao amin'ny boky firaketana ;
- ny fampitana ireo tahirin-kevitra momba ny fiankohonana any amin'ny ivo toeram-pirenena misahana ny fiankohonana.

And.19 – Ny trangam-piankohonana mahakasika ireo mizaka ny zom-pirenena Malagasy mipetraka any ivelany dia anaovana fanambaràna any amin'ny ireo masoivoho na kaonsioly ao amin'ny faritra misy ny fonenana mahazatran'izy ireo.

Ny asan'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana, any ivelany, dia sahanin'ny lehiben'ny iraka ara-diplomatika manana fariadiadiana konsiolera sy ny lehiben'ny toeram-piasana kaonsiolera. Ny mpiasan'ny kaonsioly mizaka ny zom-pirenena malagasy dia afaka omena fahefana, amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitry ny raharaham-bahiny, na handray fanambaram-pahaterahana sy fahafatesana, na hisahana ny asan'ny mpiandraikitra ny sora-piankohonana.

Raha toa ka avelan'ny fifanarahana sy ny lalàna eo an-toerana atao izany, ireo mpiasa ireo dia mandrafitra, araka ny fepetra voalazan'ny lalàna malagasy mikasika ny fiankohonana, ny sora-piankohonana mikasika ny teratany malagasy izay ny sata manokana dia fehezin'izao lalàna izao ao amin'ny bokim-piankohonana izay tànana ho dika roa mitovy.

Adikan'izy ireo ao anatin'ireo boky firaketana ireo ihany koa ny soratra mikasika ireo olom-pirenena ireo izay noraisiny tamin'ny manampahefana eo an-toerana araka ny fomba fanaon'ilay firenena.

And.20 – Mandritra ny dia an-dranomasina, ka tsy misy fomba azo atao ao anatin'ny fotoana voalazan'ny lalàna ny hanaovan'ny mpiandraikitra ny fiankohonana tokony hanao izany, ny sora-piankohonana momba ny fahaterahana iray, ny sora-piankohonana momba ny fahafatesana iray, ny sora-piankohonana momba ny fanambadiana iray, ny sora-piankohonana momba ny fanjanahana iray na ny soratra fanambarana zaza maty am-piterahana, dia ny tompon'andraikitra ara-pitantanana ao amin'ilay sambo no manao izany soratra izany.

Ireo soratra ireo dia tsy maintsy apetraka eo ampelatan'ny manam-pahefana ara-pitantanana eo anivon'ny seranan-tsambo voalohany niantsonana izay mandefa izany amin'izay tokony andefasana azy.

And.21 – Ny tranga amin'ny fiankohonana miseho any anaty fiaramanidina iray dia raisina ho toy ny niseho tao amin'ny faritanin'ilay fanjakana izay isoratan'ilay fiaramanidina. Noho izany, ireo tranga ireo dia anaovana fanambarana ary raiketina ao aminy.

And.22 – Ny mpiandraikitra ny fiankohonana dia tsy manana fahefana handray fanambarana tranga amin'ny fiankohonana sy hanao soratra momba izany ivelan'ny fari-piadiadiany mba tsy ho foana ny soratra norafetiny.

And.23 – Tsy azon'izy ireo atao ny mandray anjara amin'ny soratra iray amin'ny maha Mpiandraikitra ny fiankohonana azy sy noho ny andraikitra iray hafa.

And.24 – Ankoatra ny amin'ny fanambadiana izay tsy maintsy hanamarinan'izy ireo tsara fa ny olona hivady dia mahafeno ireo fepetra takian'ny lalàna, ary manao ny firaisan'izy ireo araky ny lalàna, ny mpiandraikitra ny fiankohonana dia mianona amin'ny firaketana ny tranga izay adidiny ny mizaha fototra sy ny fanambarana izay atao aminy araka ny lalàna. Tsy afaka mandà ny anaovana ny soratra voalazan'ny lalàna izy ireo, na manao izay mifanohitra amin'ny fanambaran'ireo mpiseho, na mandrafitra avy hatrany ny iray amin'ireo soratra ireo.

And.25 – Ny mpiandraikitra ny fiankohonana dia manao ny asan'izy ireo eo ambany fanarahamason'ireo manam-pahefana ara-pitsarana.

Raha toa ka misy fahaserotana mitranga, dia azon'izy ireo atao ny mangataka hevitra sy torolàlana

amin'ny Fampanoavana eo anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany mahefa ao amin'ny faritra misy azy.

Ankoatra ny sazy ara-pitsipika izay mety hanenjehana azy ireo, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana dia tompon'andraikitra ara-onitra sy ara-keloka amin'ny hadisoana sy ny tandrevaka izay nataony mandritra ny fanatanterahany ny asany.

And.26 – Na toy inona na toy inona dia tsy azo raisina ho tompon'andraikitra amin'ny fahadisoan'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana ny fahefam-panjakana.

And.27 – Ny mpitsara mpampanoa lalàna eo anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany na ny mpitsara omeny fahefana ihany no misahana manokana ny fanaraha-maso ny sampan-draharaha momba ny fiankohonana ao amin'ny fari-piadian'ny Fitsarana iasany.

Tsy maintsy manamarina ny fitanana sy ny fitahirizana ny boky firaiketana izy. Mitana an-tsoratra isan-taona ny ambangovangony momba ny fanamarinana nataony ary koa ny fitanana an-tsoratra ny heloka madinika sy heloka tsotra nataon'ireo mpiandraikitra ny fiankohonana izy. Izy ihany koa no manao ny fanenjehana ho fanasaziana. Manana zo hifandray mivantana amin'ny mpiandraikitra ny fiankohonana izy.

Sokajy 2 **Ny amin'ny mpitantsoratra ny fiankohonana**

And.28 – Ny mpitantsoratra ny fiankohonana dia mpiasan'ny Kaominina izay manampy ny Mpiandraikitra ny fiankohonana mandritra ny fanatanterahany ny asany. Miasa eo ambany fanaraha-maso sy fiadian'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana izy ireo.

Izy ireo no miantoka ny fanatanterahana ara-pitaovana:

- ny firaiketana an-tsoratra ny tranga amin'ny fiankohonana raha vao maharay ny fanambarana azy ireo;
- ny fandikana ao amin'ny boky firaiketana mifandray amin'izany;
- ny fitazonana sy ny fitahirizana ny bokim-piankohonana;
- ny fampitàna ny faharoan'ny boky firaiketana any amin'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany mahefa ara-paritra misy ilay Kaominina isaky ny faran'ny taona.

And.29 – Ny mpitantsoratra ny fiankohonana dia tompon'andraikitra ara-onitra amin'ny fahadisoana sy tandrevaka nataony mandritra ny fanatanterahany ny asany izay tsy misakana, raha toa ka mitranga izany, ny fanenjehana ara-keloka sy ara-pitsipika izay mety hihatra aminy.

Sokajy 3 **Ny amin'ireo Lehiben'ny Fokontany any amin'ny faritra lavitra**

And.30 – Any amin'ireo Kaominina ambanivohitra sasantsasany na any amin'ny faritra lavitra sy araka ny fepetra raiketin'ny didim-pifehezana, ny Lehiben'ny Fokontany no:

- mandray ny fanambarana fahaterahana sy mampita ny trangam-pahafatesana nampahafantarina azy. Ireo fanambarana fahaterahana sy filazàna fahafatesana amin'ny Lehiben'ny Fokontany ireo dia tsy maintsy atao ao anatin'ny telopolo (30) andron'ny fahaterahana na ny fahafatesana;
- mampita ny fanambarana fahaterahana ao anatin'ny telopolo (30) andro izay isaina manomboka amin'ny naharaisany azy, any amin'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana mahefa eo amin'ny faritra misy azy, raha tsy izany dia ampiharina aminy ny maha tompon'andraikitra ara-keloka azy, araka ny andinindiny ao amin'ny andininy faha-143, toy izany koa ny momba ny fampitana ny trangam-pahafatesana;
- mampita ireo fitanana an-tsoratra ny fanambadiana ara-pomban-drazana mba hanaovana firaiketana.

Koa mba ahafahana manao izany, izy dia mitana boky firaiketana manokana ny fanambaram-

pahaterahana sy ny filazam-pahafatesana ary koa ny fanambadiana ara-pomban-drazana.

TOKO IV NY AMIN'NY ZO SY ADIDIN'IREO OLONA MPANAO FANAMBARANA

And.31 – Ny olona rehetra dia manan-jo hahafantatra ny antony tokony hananany ny mombamomba hamantarana azy araky ny lalàna sy ny hahafantatra ny zo sy adidy izay mifanandrify amin'ny maha izy azy eo anatrehan'ny lalàna.

Io maha izy azy eo anatrehan'ny lalàna io dia tanteraka amin'ny alàlan'ny firaiketana an-tsoratra ao amin'ny fiankohonana.

And.32 – Ny olon-drehetra izay manao fanambarana manoloana ny Mpiandraikitra ny fiankohonana dia manana adidy:

- hitatitra ny tranga raha vantany vao manomboka ny maha tranga tsy maintsy anaovana fanambarana azy any amin'ny fiankohonana ao anatin'ny fe-potoana feran'ity lalàna ity;
- hanome ao anatin'ny fanambarana ataony ny zava-misy marina ary koa hitondra ny taratasy fanamarinana mifandraika amin'izany.

And.33 – Ny mpanao fanambarana dia manana zo haka ny hevitra ny Mpiandraikitra ny fiankohonana mba hamahana ny ady izay mety hiseho mandritra ny fandikana.

And.34 – Ny tahirin-kevitra momba ny fiankohonana dia arovan'ny fepetra voarakitry ny lalàna momba ny fiarovana ny tahirin-kevitra mahakasika manokana ny olona tsirairay.

TOKO V NY AMIN'NY FITSIPIKA IOMBONAN'IREO SORA-PIANKOHONANA

And.35 – Ny sora-piankohonana dia milaza ny taona, ny andro sy ny ora izay naharaisana azy; ny fanampin'amarana sy ny anaran'ny mpiandraikitra ny fiankohonana, ny fanampin'amarana, anarana, asa, fonenana ary raha azo atao, ny laharam-pamantarana, ny vanin'andro sy ny toerana nahaterahan'ireo rehetra voalaza anarana ao anatin'ny araka ny endri-pakan-tahaka voafetran'ny didim-pifehezana.

And.36 – Ny sora-piankohonana dia rafetin'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana araka ny fanambarana ataon'ny olona voakasik'izany sy ny olona voato ndro hanao izany araka ity lalàna ity.

Ny dika mitovy voalohany an'ireo soratra ireo dia rafetina ary omena maimaimpoana.

And.37 – Ny fetra arak'endriky ny sora-piankohonana araka ny karazany sy araka ny hampiasana azy dia tokana ary ferana amin'ny alalan'ny didim-pifehezana.

Ny andinindininy voarakitr'ity andininy ity dia mihatra amin'ireo soratra natao ara-haikajy.

And.38 - Misy laharana iray omena ny olona tsirairay eo am-pahaterahana, laharana tokana famantarana avy amin'ny Fanjakana, ampiharina manerana ny tany manontolo, ahafahana manavaka sy mamantatra ilay olona. Ny fepetra sy ny fombafomba fanomezana io laharam-pamantarana dia ferana amin'ny alalan'ny didim-pifehezana.

Io laharam-pamantarana io dia tsy maintsy hita ao amin'ny sora-piankohonana sy ny sora-draharaha rehetra atao ara-panjakana ka ilana famantarana olona iray.

And.39 – Raha tsy hoe tsy manaja ny volazan'ny andinindinin-dalàna momba ny fikirakirana ny tahirin-kevitra mahakasika manokana ny olona tsirairay, ny tahirin-kevitra momba ny fiankohonana dia azo anaovana fitrandrahana ara- antontanisa.

And.40 – Ny takela-panambarana ny tranga amin'ny fiankohonana ahitana ny tsara ho fantatra amin'ny fandrafetana antontanisa momba ny fiankohonana dia fenoin'ny mpanao fanambarana.

Ny endri-pakan-tahak'ireo takela-panambarana ireo dia ferana amin'ny alalan'ny didim-pifehezana.

And.41 – Ny fanaovana fanambarana tsy marina amin'ny manam-pahefana, voalazan'ity lalàna ity, amin'ny fandraisana ny fanambarana dia mitarika ny fampiharana amin'ny olona nanao izany ny sazy voalazan'ny andininy 137.

And.42 – Ny vavolombelona nofidin'ireo olona voakasika no manamarina ny maha izy azy manokana ireo sy ny fitovian'ny soratra amin'ny fanambaran'izy ireo. Ireo vavolombelona ireo dia tsy maintsy iraika amby roapolo taona farafahakeliny, fianakavian'ny mpanao fanambarana na tsia, tsy misy fanavahana ara-pananahana.

And.43 – Ny manam-pahefana voatendry handray ny fanambarana dia mamaky ny soratra amin'ny olona tonga miseho sy ny vavolombelona. Soratana ao anatin'ny soratra ny fahatontosan'io fomba io.

Ny soratra vita dia soniavin'ny mpanao fanambarana sy ny vavolombelona raha toa ka misy izany.

And.44 - Ny fanambarana dia tsy maintsy atao ary raisina:

- ho an'ny fahaterahana, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana na ny Lehiben'ny Fokontany eo amin'ny toerana nahaterahana araky ny andininy faha-30;
- ho an'ny fahafatesana, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana eo amin'ny toerana itrangan'ny fahafatesana;
- ho an'ny fanambadiana, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana eo amin'ilay toerana anaovana ny fanambadiana;
- ho an'ny fananganana, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana misy ny fonenana mahazatra an'ilay mpanangana, ho an'ny fananganana tsotra, ary ny mpiandraikitra ny fiankohonana eo amin'ny toerana nahaterahan'ny atsangana, ho an'ny fananganana feno;
- ho an'ny fanariana, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana eo amin'ny fonenana mahazatra an'ilay mpanary;
- ho an'ny fanjanahana, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana eo amin'ny fonenana mahazatra an'ilay olona manao ny fanjanahana.

Ireo manam-pahefana voatendry handray ireo fanambarana ireo dia afaka manatona ireo toerana ao anatin'ny fari-piadiadiany, raha toa ka ilaina izany.

TOKO VI

NY AMIN'NY FITSIPIKA MANOKANA ISAKY NY SOKAJINA SORA-PIANKOHONANA

Sokajy voalohany ***Ny amin'ny sora-pahaterahana***

And.45 – Ny fanambaram-pahaterahana dia tsy maintsy atao ao anatin'ny telopolo (30) andro aorian'ny fahaterahana.

And.46 – Ny sora-pahaterahana dia tsy maintsy milaza:

- ny andro, ny ora sy ny toerana nahaterahana;
- ny fananahan'ny zaza;
- ny anarana sy ny fanampin'anarana nomena azy;
- ny anarana, fanampin'anarana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny ny ray sy reny;
- raha toa ka misy izany, ny anarana, fanampin'anarana, daty sy toerana nahaterahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny mpanao fanambarana;
- ny laharam-pamantaran'ireo olona izay voalaza anarana ao.

And.47 – Ny fanambarana fahaterahana dia ataon'ny ray na ny reny, ny iray amin'ny raiamandrenibe nipoirana na ny fianakaviana akaiky na izay olona rehetra nanatrika ny fahaterahana na ilay olona nampiantrano ilay reny tamin'ny fiterahana.

And.48 – Ny fitantanan-draharaha eo anivon'ny hopitaly na ny tompon'andraikitry ny tobim-pahasalamana no manao ny fanambarana fahaterahana nitranga teo anivon'ny toerana na tobim-pahasalamana misy azy ireo tsirairay avy, any amin'ny foibe misahana ny fiankohonana eo amin'ny toerana iorenan'izy ireo ao anatin'ny fe-potoana voalaza ao amin'ny andininy faha-45.

And.49 – Momba ny fiterahana ivelan'ny tobim-pahasalamana, natrehin'ny dokotera sy mpampivelona, izy ireo dia tsy maintsy, ao anatin'ny fe-potoana voalaza ao amin'ny andininy faha-45, manambara ny fahaterahana nitranga any amin'ny manam-pahefana voatendry handray ny fanambarana eo amin'ny toerana nitrangan'ilay fahaterahana ary manome ny fanamarinana milaza fa ny fahaterahan'ny zaza dia nitranga tamin'ny andro sy ny toerana iray voafaritry.

And.50 – Ny sora-pahaterahana dia soratana eo no eo ary soniavin'ny mpanao fanambarana sy ny Mpiandraikitra ny fiankohonana. Ity farany dia afaka mampanao ny fanaraha-maso ny maha mari-pototra ny fanambarana amin'ny alalan'ny dokotera mpitsabo na ny mpampivelona.

And.51 – Ny olona rehetra izay mahita zaza vao teraka dia tsy maintsy manao fanambarana izany any amin'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana eo amin'ny toerana nahitana azy ao anatin'ny fe-potoana feran'ny andininy faha-45.

Ateriny any aminy ny akanjo sy izay fitaovana hafa hitany niaraka tamin'ilay zaza ary ambarany ny zava-nisy momba ny fotoana sy ny toerana nahitana azy.

Atao ny fitananana an-tsoratra amin'ny antsipiriany izay milaza ny tomban-taonan'ilay zaza, ny fananahany, ny anarana omena azy, ny manam-pahefana sivily nanaterana azy. Io fitananana an-tsoratra io dia soratana amin'ny vaninandro nanaovany azy ao amin'ny boky firaketana. Ankoatr'izany, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana dia manao ny sora-pahaterahan'ilay zaza.

Sokajy 2 **Ny amin'ny sora-pahafatesana**

And.52 – Ny fanambaram-pahafatesana rehetra dia tsy maintsy hatao ao anatin'ny telopolo andro (30) aorian'ny fahafatesana.

And.53 – Ny sora-pahafatesana dia tsy maintsy milaza:

- ny vaninandro, ny ora sy ny toerana nahafatesana;
- ny anarana, fanampin'anarana, ny fananahana, ny vanin'andro sy ny toerana nahaterahana, ny asa sy fonenan'ilay maty;
- ny anarana, fanampin'anarana, asa sy fonenan'ny ray sy reniny;
- ny anarana, fanampin'anaran'ny vady, raha toa ka manambady ilay olona maty;
- raha toa ka misy, ny anarana, fanampin'anarana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, asa sy fonenan'ny mpanao fanambarana, ary raha ilaina izany, ny rohim-pihavanany amin'ny maty, na ny zava-nitranga natrehiny nandritra ny fahafatesana;
- ny laharam-pamantaran'ireo olona voalaza anarana ao.

And.54 – Ny fahafatesana dia tsy maintsy anaovana fanambarana na avy amin'ny vady mbola velona, na avy amin'ireo raiamandrenibe na ny taranaka, na iray amin'ireo fianakaviana akaiky, na olona iray nanatrika ny fahafatesana na ny olona rehetra nomen'ny lalàna fahafahana hanao izany.

And.55 – Ny zaza teraka nefa maty teo am-piterahana dia anaovana fanambarana eo anatrehan'ny mpiandraikitra ny fiankohonana ary anaovana sora-pahafatesana mba ahafahana manao firaketana am-boky sy anaovana antontanisa.

And.56 – Ny olona rehetra manam-pahefana izay, eo am-panatanterahana ny asany, nalaina mba hizaha fototra fahafatesana iray, dia tsy maintsy mandefa ao anatin'ny telo (03) andro any amin'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana eo amin'ilay toerana nitrangan'ny fahafatesana ireo angon-kevitra voalazan'ny andininy faha-53 ka ampifanarahina amin'izany ny sora-pahafatesana izay horafetina.

And.57 – Ny mpiandraikitra ny trano fandraisam-bahiny, fitateram-bahoaka, mpitantana orinasam-panjakana na tsy miankina, ao amin'ny asany na eo am-panatanterahana ny asany, izay nahalala fisiana fahafatesana iray, dia tsy maintsy mampandre tsy misy hatak'andro ny manampahefana ara-panjakana, izay mampanao ny fizahana fototra ny fahafatesana ary manao ny fanambarana izany any amin'ny mpiandraikitra ny fiankohonana ao amin'ilay toerana nahafatesana.

Ny olona rehetra mahita faty dia tsy maintsy mampahafantatra izany koa ny manam-pahefana ara-panjakana voakasika.

And.58 – Ho an'ireo fahafatesana natrehin'ny dokotera mpitsabo sy mpampivelona, izy ireo dia tsy maintsy, ao anatin'ny fe-potoana feran'ny andininy faha-52, manambara ny fahafatesana izay nitranga any amin'ny manam-pahefana ao amin'ilay toerana nahafatesana izay voatendry handray ny fanambarana ary manome ny fanamarinana mamaritra ny toerana sy ny andro nahafatesana.

And.59 - Ny fitantanan-draharaha eo anivon'ny hopitaly na ny tompon'andraikitra ny tobim-pahasalamana no manao ny fanambarana ireo fahafatesana nitranga eo anivon'ny toeram-pitsaboana na tobim-pahasalamana misy azy ireo tsirairay avy, any amin'ny foibe misahana ny fiankohonana eo amin'ny toerana iorenan'izy ireo ao anatin'ny fe-potoana voalaza ao amin'ny andininy faha-52.

And.60 – Ny manampahefana miandraikitra ny fanomezana fahazoan-dalana handevina no manangona ny angon-kevitra ilaina amin'ny fanambarana sy fandrafetana ny sora-pahafatesana. Izy no mampita ireo angon-kevitra ireo any amin'ny mpiandraikitra ny fiankohonana mahefa.

And.61 – Tsy apetraka ao anaty boky mihitsy ny toe-javatra manodidina ny fahafatesana raha tsy hoe tsy fantatra ny mombamomba ilay maty.

And.62 – Ny zava-pantatra nahatonga ny fahafatesana dia azo alaina any amin'ny mpiasan'ny fahasalamana manam-pahaizana amin'izany, mba hoentina ao amin'ny tahirin-kevitra fototra momba ny antontanisa, amin'ny fotoana anaovana ny fanambaram-pahafatesana.

Sokajy 3 **Ny amin'ny sora-panambadiana**

And.63 – Ny sora-panambadiana dia tsy maintsy milaza:

- ny anarana, fanampin'anarana, fananahana, asa, vanin'andro sy toerana nahaterahana, fianahana sy fonenan'ny mpivady ;
- ny fitsiahy ny didy avy amin'ny Filohan'ny fitsarana izay manome alalana hanatanterahana ny fisoratam-panambadiana raha toa ka tsy mahatratra ny taona voafaritry ny lalàna ahafahana misora-panambadiana na ny lahy na ny vavy;
- ny zom-pirenena nambaran'ireo olona hivady rehefa nanontanian'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana izy ireo;
- ny fanamarinana nataon'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana fa ny mpifanaiky dia nanambara na nanaiky fa hivady;
- ny anarana, fanampin'anarana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny vavolombelona;
- ny sata mifehy ny fanambadiana izay nofidian'ny mpivady;
- ny laharam-pamantaran'ireo olona voalaza anarana ao.

And.64 – Raha toa ka misy fanohanana natao an-tsoratra na am-bava ny fanambadiana iray dia manao fitanana an-tsoratra ny Mpiandraikitra ny fiankohonana ary mandefa ny mpiady hitondra ny raharaha eny anivon'ny ny fitsarana misahana ny ady madio.

Sokajy 4 **Ny amin'ny sora-pananganana**

And.65 – Ny sora-pananganana tsotra dia tsy maintsy manoritra:

- ny anarana, fanampin'ananana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, fianahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny mpananganana;
- ny anarana, fanampin'ananana, fianahana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, fianahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny atsangana;
- ny anarana, fanampin'ananana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny vavolombelona roa farafahakeliny izay tokony ho 21 taona raha kely indrindra, izay tsara indrindra raha nofidina avy amin'ny lafi-kavan'ny atsangana, sy izay olona ilàna fankatoavana, raha tsy hoe nomeny amin'ny alalan'ny sora-to na sora-toavina izany;
- ny laharam-pamantarana mikasika ireo olona voalaza anarana ao.

Ny fanambarana fananganana tsotra dia atao eo anatrehan'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana eo amin'ny toeram-ponenana mahazatran'ilay mpananganana.

And.66 – Ny fananganana feno dia ambara amin'ny alalan'ny didim-pitsarana. Raha vao lasa raikitra ny didim-pitsarana, ny dika mitovy aminy dia alefa hanaovana ny fandikana ao amin'ny bokim-piankohonana any amin'ny kaominina nahaterahan'ilay atsangana.

And.67 – Ny sora-pananganana feno dia tsy maintsy manoritra:

- ny fitsiahin'ny didim-pitsarana fananganana;
- ny anarana sy fanampin'ananana vaovao an'ny natsangana voalaza ao anatin'ny didim-pitsarana fananganana, ny fianahany, ny vanin'andro sy ny toerana nahaterahany ary ny fianahany;
- ny anarana, fanampin'ananana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, fianahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny mpivady mpananganana;
- ny laharam-pamantarana ireo olona voalaza anarana ao.

And.68 – Atao ny sora-pahaterahana vaovao ary izany dia tsy maintsy manoritra:

- ny anarana sy fanampin'ananana vaovao an'ny atsangana izay voalaza ao amin'ny didim-pitsarana fananganana, ny fianahana, ny vanin'andro sy ny toerana nahaterahany ary ny fianahany;
- ny anarana, fanampin'ananana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, fianahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny mpivady mpananganana;
- ny laharam-pamantarana vaovao an'ilay natsangana;
- ny laharam-pamantarana ireo olona hafa voalaza anarana ao.

And.69 – Ny sora-pahaterahana teo aloha an'ny natsangana dia hidiana amin'ny tomboka ary tahirizin'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana ao amin'ny tahirim-bokin'ny fiankohonan'ilay Kaominina nahaterahan'ny natsangana.

Ny natsangana irery ihany, amin'ny fotoana mahafeno taona azy sy ny manam-pahefana no afaka mangataka hanao fizahana izany rehefa mahazo fahazoan-dalana avy amin'ny manam-pahefana ara-pitsarana mahefa.

Sokajy 5 **Ny amin'ny sora-panariana**

And.70 – Ny sora-panariana dia tsy maintsy manoritra:

- ny fitsiahin'ny didy navoakan'ny lehiben'ny fitsarana manome alalana ny fanariana;
- ny anarana, fanampin'ananana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, fianahana, asa sy fonenana mahazatra an'ny mpanary;
- ny anarana, fanampin'ananana, vanin'andro sy toerana nahaterahana, fianahana, asa

- sy fonenana mahazatra an’ny nariana;
- ny fanatrehan’ny nariana na raha tsy misy izany dia ny fanamarinan’ny mpanary fa efa nampahafantarana ny hanatrehan’ny fandrafetana ny sora-panariana;
- ny anarana, fanampin’anarana, taona, asa sy fonenana mahazatra an’ny vavolombelona roa farafahakeliny izay tokony ho 21 taona raha kely indrindra izay tsara raha nofidina avy amin’ny lafi-kavan’ny mpanary;
- ny laharam-pamantaran’ireo olona voalaza anarana ao.

Sokajy 6

Ny amin’ny sora-panjanahana zaza

And.71 – Araka ny lalàna mifehy ny fianahana, dia anjaran’ny ray te-hanjanaka zaza eo ampahaterahana ny manao ny fanambarana manoloana ny Mpiraki-tenim-panjakana amin’ny alalan’ny sora-to na sora-toavina, na manoloana ny Mpiandraikitra ny fiankohonana, na amin’ny alalan’ny didy miafina.

Ny fanambarana milaza ny anaran’ny ray dia tsy midika ho fanjanahana eo ampahaterahana raha tsy avy amin’ily ray izany, na avy amin’olona nomeny fahefana amin’ny alalan’ny fanomezandalana manokana to na toavina.

And.72 – Ny sora-panjanahana an’ily zaza dia soratana ao amin’ny boky firaiketana amin’ny vanin’andro nanaovana azy. Ny fombafomba fandikana ny soratra dia tanterahina eo ambany fahamalinan’ny Mpiraki-tenim-panjakana izay nandray azy. Koa amin’ izany, ny soratra dia ampahafantarina ao anatin’ny telopolo (30) andro ny Mpiandraikitra ny fiankohonana mitazona ny sora-pahaterahan’ily zaza.

Na izany aza, ny fanjanahana atao amin’ny alalan’ny didy miafina dia afaka tsy ampahafantarina raha tsy ao anatin’ny telopolo (30) andro manomboka amin’ny andro ahalalan’ny Mpiraki-tenim-panjakana izay nanoratra na mitazona ny didy miafina ny fahafatesana. Ny fandikana dia ataon’ny Mpiandraikitra ny fiankohonana ao anatin’ny fe-potoana dimy (05) andro manomboka amin’ny fampahafantarana, tsy ao anatin’ izany ny andro tsy fiasana.

Soratana eo amin’ny sisin’ny sora-pahaterahana ny sora-panjanahana.

And.73 – Ny didim-pitsarana lasa raikitra nampisy fianahana dia adika ao amin’ny boky firaiketana natokana ho amin’izany ary anaovana soratra an-tsisiny ao amin’ny sora-piankohonan’ily voakasika.

Sokajy 7

Ny amin’ny sora-piankohonana mahakasika ny teratany vahiny

And.74 – Ny teratany vahiny rehetra izay manana ny fonenany mahazatra eto Madagasikara, dia afaka mampandray ny sora-piankohonana momba azy, amin’ny alalan’ny solon-tena diplaomatika sy kaonsiolera izay iankinany, ary izany dia atao araka ny endrika voalazan’ny lalànan’ny firenena niaviany.

Na dia izany aza, ny fahaterahana na ny fahafatesana rehetra dia tsy maintsy anaovana fanambarana any amin’ny Mpiandraikitra ny fiankohonana malagasy, araka ny endrika sy fepetra voalazan’ny andinindinin’ity lalàna ity.

Ireo singan-taratasy rehetra entin’ny teratany vahiny iray mba handrafetana sora-piankohonana iray dia tsy maintsy ampiarahina amin’ny dikany amin’ny fiteny ofisialy, ataon’ny mpandika teny iray nahazo alalana avy amin’ny solon-tena diplaomatika na kaonsiolera iankinan’ily voakasika.

And.75 – Ho an’ny fankalazana ireo fanambadian’olona roa mizaka zom-pirenena samy hafa atao eto amin’ny tany malagasy, raha toa ka mizaka zom-pirenena vahiny ny andaniny ary mizaka ny zom-pirenena malagasy ny ankilany, dia ny Mpiandraikitra ny fiankohonana malagasy irery ihany

no mahefa. Ity farany dia tsy maintsy mandefa any amin'ny solon-tena diplomaatika na kaonsiolera an'ily firenena niavian'ily olom-pirenena vahiny ny dika mitovy marina ny sora-piankohonana izay nataony ary afaka mampiaraka amin'io dika mitovy io dikan-teny iray amin'ny fiteny vahiny.

Sokajy 8 **Ny amin'ny filazana antsisiny**

And.76 – Tsy maintsy anaovana filazana avy hatrany:

- antsisin'ny sora-pahaterahana: ny sora-panambadiana, pananganana tsotra, panariana, pahafatesana, panjanahana, ny didin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany na Fitsarana Ambony momba ny fisaraham-panambadiana, ny fanafoanana ny fanambadiana, ny fitsipahana ny maha-ray, ny fanovana anarana, ny didin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany na Fitsarana Ambony mametraka ny fianahana avy amin'ny ray na avy amin'ny fananganana;
- antsisin'ny soratra fananganana tsotra: ny sora-panariana;
- antsisin'ny sora-panambadiana: ny didim-pitsaram-pisaraham-panambadiana sy fanafoanana ny fanambadiana, ny faharavana noho ny fahafatesan'ny vady, ny fanovana ny sata mifehy ny fanambadiana.

And.77 – Ny Mpiandraikitra ny fiankohonana dia mametraka ireo filazana ireo ao amin'ny boky firaketan'ny taona diavina sy ao amin'ireo singany an'ny taona efa lasa voatahiry ao amin'ny foiben-toerana momba ny fiankohonana.

Ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana dia mametraka ireo filazana ireo amin'ny boky firaketana an'ny taona efa lasa, voatahiry ao amin'ny firaketan-draharahan'ny fitsarana momba ny ady madio.

And.78 – Ny filazana antsisiny dia tsy maintsy fintinina, nefa tsy maintsy manondro ny vanin'andro nanaovana ny soratra izay anaovana filazana sy ny laharan'io soratra io ary koa ny vanin'andro nametrahana ny filazana antsisiny.

And.79 – Ankoatr'izany, eo antsisin'ny soratra nasiam-panitsiana no hanaovana ny filazana ny didim-pitsarana manitsy mifandray aminy. Ny didim-pitsarana misolo sora-piankohonana dia hanaovana ihany koa filazana antsisiny ao amin'ny boky firaketana mifandray amin'io karazana didim-pitsarana io, amin'ny vanin'andro nisehoan'ny tranga nohamarinin'io didim-pitsarana misolo sora-piankohonana io.

And.80 – Ny Mpiandraikitra ny fiankohonana dia mamandre ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana sy ny mpiandraikitra ny fiankohonana mahefa, ny amin'ny soratra na didim-pitsarana raikitra rehetra izay hanaovana soratra an-tsisiny ao anatin'ny fe-potoana telopolo (30) andro manomboka ny vanin'andro nanaovana ny fanoratana an-tsisiny.

And.81 – Ny fitsarana mahefa dia tsy maintsy mampita ny votoatin'ireo didy lasa raikitra any amin'ny Mpiandraikitra ny fiankohonana mba hanaovana ny fandikana ao amin'ny boky firaketana momba izany. Raha ilaina izany dia azon'ny olona voakasik'izany atao io fandefasana io.

And.82 – Amin'ny tranga izay tsy maintsy anaovana filazana antsisiny ny soratra any amin'ny foibe toeran'ny fiankohonana hafa dia ny Mpiandraikitra ny fiankohonana izay nandray ilay soratra no mamandre ny mpiandraikitra ny fiankohonana sy ny mpiraki-draharahan'ny Fitsarana voakasik'izany.

And.83 – Raha toa ka tsy noraisina tao amin'ny foibeny ny sora-pahaterahana, ny Mpiandraikitra ny fiankohonana dia manome ny heviny any amin'ny Mpiandraikitra na ireo Mpiandraikitra ny fiankohonana izay nandraisana ny soratra, ary koa any amin'ireo mpiraki-draharahan'ny fitsarana voakasika izany.

TOKO VII **NY AMIN'NY FANARENANA SY NY FANITSIANA NY SORA-PIANKOHONANA**

And.84 – Raha toa ka misy ny fahaverezana na ny fahasimban'ny boky firaiketana, raha toa ka misy ny famafana soratra iray amin'ny boky firaiketana, na noho ny antony maro samihafa, ny fandrafetana na ny fanarenana io soratra io na io boky firaiketana iray manontolo io dia azo atao amin'ny alalan'ny endrika ho faritana manaraka eto.

And.85 – Ny fandrafetana izany soratra izany na ny fanarenana ny soratra na ny boky firaiketana dia tsy azo atao raha tsy didian'ny didim-pitsarana avoakan'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany, sampana ady madio, eo amin'ny toerana misy ilay foibe toerana momba ny fiankohonana voakasika amin'izany.

Ny raharaha dia ampidirin'ireo, na ny mpitsara mpampanoa lalàna, izay afaka amin'ny lafiny rehetra manao izany avy hatrany, na ny olona voakasik'ilay soratra na ny olona hafa, amin'ny fotoana nandrafetana na nanarenana ny soratra, manana tombontsoa avy amin'izany sy misy amin'io fotoana io.

And.86 – Ny raharaha dia ampidirina amin'ny alalan'ny fangatahana an-tsoratra tsotra. Izany dia tsy maintsy ampitaina ao amin'ny fampanoavana. Ny fangatahana dia tsy maintsy ahitana ireo fanambarana ilaina amin'ny fandrafetana na amin'ny fanarenana ny soratra ary milaza ny antony nanakana ny fandrafetana na ny antony anaovana ny fanarenana.

And.87 – Ny Fitsarana dia mandidy avy hatrany ireo fepetra famotorana izay heveriny ho ilaina sy ny fampitana ny singa rehetra ilaina. Afaka mandidy ny famoahana ny fangatahana koa izy, na amin'ny alalan'ny peta-drindrina amin'ny toerana ampahibemaso sasantsasany, na amin'ny tahadika ao amin'ny gazety eo an-toerana.

And.88 – Azon'ny olon-drehetra manamarina ny tombontsoany avy amin'izany sy misy amin'io fotoana io ny manohitra ny fangatahana amin'ny alalan'ny fitsofohana. Ny Fitsarana dia afaka ihany koa mandidy avy hatrany ny fampidirana ireo olon-drehetra heveriny fa manana tombontsoa mitovy amin' izany. Ny Fitsarana no masimandidy amin'ny tombana ataony amin'ny porofo izay natolotra azy, azo atao ny porofo ara-bavolombelona, fa kosa ny fijoroana vavolombelona dia tsy maintsy mifanaraka tsara sy voafenitra. Ny fanadihadiana dia atao amin'ny fitsarana atrehan'ny be sy ny maro ary eo anatrehan'ny olona rehetra voakasik'izany.

And.89 –Ny didim-pitsarana avoakan'ny fitsarana ambaratonga voalohany dia azo anaovana fampakarana eo anivon'ny fitsarana ambony, avy amin'ny fampanoavana, avy amin'ny olona voakasik'ilay soratra ary ny olon-drehetra manana tombontsoa avy amin'izany sy misy amin'io fotoana io mifandraika amin'ilay anton-javatra.

Ny paik'ady momba ny fanoherana taoan'ny olona izay ivelan'ny ady dia misokatra ho an'ny rehetra voakasik'izany araka ny fepetra voalazan'ny lalàna iombonana.

And.90 – Ny votoatin'ny didim-pitsarana dia mametra izay boky firaiketana sy izay sisin-tsoratra tsy maintsy anoratana azy. Ny fanoratana izany didim-pitsarana izany, rehefa lasa raikitra izy, dia atao, na amin'ny alalan'ny fangatahan'ny ankolafy voakasik'izany, na amin'ny alalan'ny fangatahana ataon'ny Fampanoavana.

And.91 – Ny fitsipika etsy ambony, voalaza ao amin'ny andininy faha-85 ka hatramin'ny faha-90 dia mihatra ihany koa amin'ny didim-pitsarana fanitsiana momba ny fiankohonana, na izany filazana misy fahadisoana, na izany filazana misy latsaka.

Na izany aza anefa, raha toa ka fahadisoana ara-pitaovana sy miharihary no misy, ny fanitsiana azy dia azo atao amin'ny alalan'ny didin'ny filohan'ny Fitsarana, eo ambanin'ny fangatahana izay ataon'ny ankolafy voakasika na Fampanoavana avy hatrany.

And.92 – Ny fanarenana manontolo na amin'ny ampahany ny boky firaiketana dia baikon'ny didin'ny filohan'ny Fitsarana, avoaka ao ambanin'ny taratatasy fangatahana :

- raha toa ka noho ny trangan-doza tsy voafaritry, ny iray tamin'ireo bokim-piankohonana dia simba na potika ary koa ny iray hafa tsy nisy fahavoazana, na
- raha toa ny olona voakasika ka afaka mampiseho ny dika mitovy to amin'ilay soratra tsy hita.

Io fangatahana io dia mety miainga avy amin'ny Fampanoavana.

